LOCAL GOVERNMENT INSTITUTIONAL CASE STUDY

KAOMININA AMBANIVOTRA MANAMBINA

Lohateny : " Kaominina Manambina; Ivo-toerana mendrika ."

Ben'ny Tanàna
"Betsaka ny vehivavy sahy manantona ny kaominina taorian'ny fahampafantarana ny miralenta"

Firenena	**Madagasikara**
Kaominina	**Manambina**
Karatr'isa voalahany	**42**
Karatr'isa farany	**70**
Mponina	**7 000**
Mampiavaka Manokana	**Manana velaran-tany lehibe fambolena paraky**
Tompon'Andraikitra	**RAKOTONDRASOA Francklin**
Andraikitra	**Ben'ny Tanana**
Fiday	00261 34 38 202 60
Mailaka	mahambyromain@gmail.fr

Tamin'ny taona 2011 no nanomboka niara-niasa tamin'ny Gender Links ny kaominina Manambina, distrika Miandrivazo, faritra Menabe. Isan'ireo kaominina notantanan'ny SAHA izy teo aloha.

Manana fikambanana 14 ny kaominina izay misahana manokana ny fambolen-kazo, izany hoe, azo lazaina fa mbola kaominina maitso izy. Saika hita ao an-toerana avokoa ny foko 18 eto Madagasikara noho izy toerana mamokatra ka maro ny olona avy any amin'ny lafy valon'ny nosy na nanorom-ponenana any. Fambolena paraky no tena fototra ara-toe-karana hiveloman'ny mponina ary manamarika izany ny fanany orinasa lehibe mpamokatra paraky dia ny "SOCTAM" izany.

Anisan'ireo toerana mbola betsaka omby koa ny kaominina noho io manampy azy ireo amin'ny fambolena. Olana anefa ny tsy fandriam-pahalemana satria dia mandry tsy lavo loha ny mponina amin'ny asan-dahalo. Anisan'ireo olana eo an-toerana ihany koa ny faharatsian'ny lanana satria dia ny fiara tsy mataho-dalana sy ny tracteur ihany no tonga eo an-toerana raha vao fotanan'ny orana.
Manana tobim-pahasalama CSB II ny kaominina, mbola betsaka anefa ny olona tsy mamonjy izany toerana izany no ny mbola fanjakan'ny fitsaboana nentin-drazana. Na dia izany aza dia hita fa mitombo ny isan'ireo vehivavy renim-pianakaviana manabe haizana.

Efa nahavita ny dingana rehetra amin'ny maha ivo-toerana mendrika azy ny Kaominina Manambina, efa nadray anjara izy tamin'ny fihaonam-be an-tapony izay nokarakarain'ny Gender Links tamin'ny taona 2012. Tsy nandray anjara kosa tamin'ny fihaonam-be 2013 noho ny antony manokana. Efa nampiditra ny resaka miralenta sy ny ady amin'ny herisetra

ao anatin’ny teti-bola koa ny kaominina ary marihina tsy sora-bola fotsiny fa tena miasa amin’ny tokony ampiasana azy izany vola izany.

Tamin’ny fotoana nandalovan’ny ekipan’ny Gender Links tany an-toerana dia efa manana ny hetsika 8 Martsa na andro iraisam-pirenena ho an’ny vehivavy ny kaominina ary efa roa taona nisesy izay no nakalaza ny 16 andro iadiana amin’ny herisetra ny kaominana.